TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
ECONOMIE et FINANCES Newsletter
MADAGASIKARA




## Mission 300

# Fournir de l'électricité à 300 millions d'individus en Afrique subsaharienne d'ici 2030

*Dar es Salaam, Tanzanie, 27 et 28 janvier 2025*

Lors du sommet Mission 300 sur l'énergie en Afrique sous l'égide du Gouvernement tanzanien, les 32 Chefs d'État africains, dont le Président de la République de Madagascar, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA, se sont engagés à instaurer des réformes et des mesures tangibles. L'objectif est de garantir un approvisionnement en électricité stable, abordable et durable pour 300 millions Africains d'ici 2030, afin de favoriser la croissance économique, d'améliorer le bien-être social et de stimuler l'emploi sur le continent.

# Mission 300: herinaratra ho an'ny mponina miisa 300 tapitrisa eto amin'ny faritra Afrika atsimon'i Saharà hatramin'ny taona 2030

*Dar es Salaam, Tanzania, 27 sy 28 Janoary 2025*

Nandritra ny fihaonana an-tampon'ny "Mission 300" momba ny angovo aty Afrika izay notanterahana tany Tanzania, dia nanolo-tena hametraka fanavaozana sy fepetra azo tsapain-tanana ireo Filoham-panjakana afrikanina miisa 32, ary anisan'izany ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Andry RAJOELINA. Ny tanjona dia ny hiantohana ny famatsiana herinaratra maharitra, sy amin'ny vidiny takatry ny daholobe, ary maharitra ho an'ny Afrikana miisa 300 tapitrisa amin'ny taona 2030. Izany dia napetraka mba hampiroboroboana ny fitomboana ara-toekarena, sy hanatsaràna ny fiahiana ara-tsosialy ary ny asa manerana an'i Afrika.


Le Gouvernement Malagasy, à travers le Ministre de l'Economie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON ; et le Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures Monsieur Olivier JEAN BAPTISTE, a participé à cet évènement important.

« *L'accès à l'énergie est un levier fondamental pour le développement durable et la prospérité de notre nation et du continent africain* ». Une des visions du Président de la République de Madagascar qui oriente les initiatives stratégiques du gouvernement, consignées dans la Politique Générale de l'État (PGE) et contribuant à l'objectif de la Mission 300.

En partenariat avec l'Union Africaine, le groupe de la Banque Africaine de Développement, le groupe de la Banque Mondiale et d'autres partenaires de développement, l'édition 2025 est basée sur « Une énergie fiable, abordable et durable pour propulser l'expansion économique et déverrouiller le progrès à travers tout le continent ».

Ny Fanjakana Malagasy, tamin'ny alalan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Rtoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo; ary ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo Atoa JEAN BAPTISTE Olivier no nandray anjara tamin'ity fihaonana an-tampony ity, izay fiarahan'ny Vondrona Afrikanina, ny Vondrona Banky Fampandrosoana Afrikana, ny Vondrona Banky Iraisam-pirenena ary ireo mpiara-miombon'antoka hafa amin'ny fampandrosoana, nisalahy.

"*Ny fidirana amin'ny angovo dia fitaovana fototra ho an'ny fampandrosoana maharitra sy ny fanambinana ny firenentsika sy ny kaontinanta Afrikana*." Iray amin'ireo vinan'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara izany, izay mitarika ny hetsika stratejika ataon'ny Fitondram-panjakana, sy voafaritra ao amin'ny Politika ankapoben'ny Fanjakana (PGE); ary indrindra mitondra anjara biriky amin'ny fanatrarana ny tanjona 300.




## Présentation et signature du Pacte National sur l'Energie pour la République de Madagascar

La Grande-île est l'un des douze pays ayant présenté leurs pactes énergétiques nationaux. Il s'agit de la Côte d'Ivoire, de la République démocratique du Congo, du Libéria, du Malawi, de la Mauritanie, du Niger, du Nigéria, du Sénégal, de la Tanzanie, du Tchad et de la Zambie.

D'ici 2030, le Gouvernement Malagasy renforce sa vision en ciblant un accès à une électricité fiable, abordable et durable pour 80% de la population. Il vise également à fournir des options de cuisson améliorées et écologiques à au moins 50% des habitants.

Fondé sur des données validées au plus haut niveau, ce Pacte a été élaboré conjointement avec différents acteurs, à savoir : les partenaires de développement, le secteur privé et la société civile. L'objectif est clair : soutenir des collaborations essentielles et atteindre les buts du Pacte qui s'aligne à la Mission 300 et contribue à la réalisation de la PGE.

## *Fanolorana sy fanaovana sonia ny Fifanarahana Nasionaly eo amin'ny sehatry ny Angovo ho an'i Madagasikara na Pacte Enérgique National pour Madagascar*

Iray amin'ireo firenena roa ambin'ny folo nanolotra ny Fifanarahana momba ny angovo nasionaly na PACTE NATIONAL SUR L'ENERGIE I Madagasikara.

Manamafy hatrany ny vinany ny Fitondrana Malagasy amin'ny alalan'ny fahazoana herinaratra azo antoka sy mora ary maharitra ho an'ny 80%-n'ny mponina amin'ny taona 2030.Tanjona ihany koa ny hanome safidy angovo madio fampiasa amin'ny fandrahoana sakafo izay nohatsaraina ary ho 50%-n'ny mponina farafahakeliny no hisitraka izany.

Niaraka tamin'ny antontan'isa sy antontan-kevitra voamarina teo amin'ny ambaratonga ambony indrindra, dia nisy ny famolavolana ity PACTE ity izay niarahana tamin'ireo mpandray anjara samihafa: mpiara-miombon'antoka amin'ny fampandrosoana, ny sehatra tsy miankina ary ny fiarahamonim-pirenena. Mazava ny tanjona: manohana ny fiaraha-miasa tena ilaina ary manatratra ny fanamby voizin'ny PACTE.

### Mobilisation de financements pour la transition énergétique

Grâce aux appuis des partenaires mondiaux, le Gouvernement Malagasy a déjà mobilisé 1.15 milliard USD pour financer ses projets dans le domaine de l'énergie. Cependant, l'objectif pour 2030 est de parvenir à 7,2 milliards USD pour concrétiser les infrastructures indispensables adéquates et à optimiser l'accès à l'énergie pour des millions de Malagasy.

### Cap sur l'énergie verte

Lors de la rencontre entre le Gouvernement Malagasy, et les représentants des Fonds d'Investissement Climatique (CIF), deux sujets majeurs ont été discutés: l'amélioration des résultats des programmes innovants tels que le « Programme Pilote d'Innovation Objective » (PPCR), le « Scaling Up Renewable Energy Program in Low Income Countries » (SREP), ainsi que la diminution de la dépendance à l›emploi du bois et du charbon, qui constitue aujourd›hui presque 95% de l›énergie consommée à Madagascar.



## L'engagement de Madagascar s'aligne à l'objectif de la Mission 300

Pour Madagascar, produire de l'électricité à partir des énergies renouvelables jusqu'à atteindre 1000 MW d'ici quatre ans est plus qu'indispensable. Dans le cadre de financement, 750 MW seront assurés en partenariat avec le secteur privé, alors que 250 MW seront à la charge de l'État malagasy. À l'heure actuelle, ces projets sont en cours de réalisation par la mise en place prévue de centrales solaires aux niveaux central et régional.

Le Président de la République a lancé un appel aux pays africains et aux partenaires afin de coordonner leurs actions conformément au but établi lors du sommet sur l'énergie Mission300 : garantir l'accès à l'électricité pour 50% de la population africaine.

### *Fanetsehana ny famatsiam-bola ho an'ny fanovàna eo amin'ny sehatry ny angovo*

Noho ny fanohanan'ny mpiara-miombon'antoka maneran-tany, dia efa nampiasa vola mitentina 1,15 miliara dolara ny Fanjakana Malagasy namatsiana ny tetikasa eo amin'ny sehatry ny angovo. Na izany aza, ny tanjona amin'ny taona 2030 dia ny hahatratra 7,2 miliara dolara mba hahafahana manangana fotodrafitrasa tena ilaina sy hanatsaràna ny fahazoana angovo ho an'ny Malagasy an-tapitrisany.

### *Mizotra mankany amin'ny angovo maitso*

Lohahevitra roa lehibe no nodinihina nandritra ny fihaonan'ny Governemanta Malagasy sy ny solontenan'ny Climate Investment Funds (CIF) dia ny fanatsaràna ny vokatry ny fandaharan'asa vaovao toy ny "Objective Innovation Pilot Programme" (PPCR), ny "Scaling Up Renewable Energy Programme in Low Income Countries" (SREP), ary koa ny fampihenàna ny fiankinan-doha amin'ny fampiasan'ny mponina malagasy hazo sy harina fandrehatra izay mahatratra 95% ankehitriny.

### *Fahavononan'i Madagasikara*

Ho an'i Madagasikara, ny famokarana herinaratra avy amin'ny angovo azo havaozina ho 1000 MW ao anatin'ny efa-taona no tena ilaina. Eo amin'ny lafiny ara-bola, 750 MW no hiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina, raha 250 MW kosa no raisin'ny Fanjakana Malagasy. Amin'izao fotoana izao, mandroso ny asa satria efa mametraka ny tobim-pamokarana herinaratra azo avy amin'ny herin'ny masoandro eto ampovoan-tany sy any amin'ny faritra.

Nanao antso avo tamin'ireo firenena afrikanina sy mpiara-miombon'antoka ny Filohan'ny Repoblika mba handrindra ny hetsika ataony mifanaraka amin'ny tanjona napetraka tamin'ny fihaonamben'ny angovo Mission300: ny hiantohana ny fahazoana herinaratra ho an'ny 50%-n'ny mponina eto Afrika.



# Finances publiques

## UN ATELIER STRATEGIQUE POUR LA GESTION DES INVESTISSEMENTS PUBLICS



À la suite du Conseil des Ministres du 22 janvier 2025, un atelier stratégique a été organisé par la Présidence, la Primature et le Ministère de l›Économie et des Finances (MEF).

Etape 1 tenue le 23 Janvier 2025 : un atelier réunissant les responsables financiers des Ministères. En réponse à la vision du Président de la République de Madagascar, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA d'atteindre une croissance de 5 % du PIB d'ici 2025, cette rencontre visait à identifier les lacunes dans la gestion des investissements publics et à proposer des solutions concrètes afin d'accélérer les chaînes de la gestion budgétaire.

L'étape 2 tenue le 30 janvier 2025 a rassemblé les coordonnateurs de projets, les partenaires techniques et financiers ainsi que les bailleurs de fonds. Son objectif était d'optimiser les procédures et d'aligner les investissements sur les priorités nationales. Un plan d'action précis a été signé, engageant les parties à respecter le calendrier et les normes en vigueur. Une évaluation intermédiaire sera réalisée dans les mois à venir afin d'assurer le suivi et l'efficacité des projets en cours.

## Atrikasa stratejika ho an'ny Fitantànana ny fampiasam-bolam-panjakana

Taorian'ny filankevitry ny Minisitra tamin'ny 22 janoary 2025, dia nisy atrikasa stratejika nokarakarain'ny Fiadidiana ny Repoblika sy ny Primatiora ary ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Dingana voalohany natao ny 23 janoary 2025: atrikasa nampivondronana ireo tompon'andraikitra misehatra eo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana avy amin'ireo Minisitera. Mba hanatanterahana ny vinan'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Andry RAJOELINA, izay hahatratra 5% ny harin-karena faobe amin'ity taona 2025 ity, dia natao izao fivoriana izao mba hamantarana ireo olana eo amin'ny fitantanana ny fampiasam-bolam-panjakana sy ny fanolorana vahaolana mivaingana ary hanafainganana ny fanatanterahana ireo dingana eo amin'ny sehatry fitantanam-bolam-panjakana.

Dingana faharoa natao ny 30 janoary 2025: nampivondronana ireo mpandrindra ny tetikasa, ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ary ireo mpamatsy vola. Ny tanjona dia ny hanatsara ny fomba fiasa sy hampifanaraka ny fampiasam-bola amin'ny laharam-pahamehana nasionaly. Nosoniavina ny drafitra fanatanterahana ny asa, izay nanomezan'ny rehetra fanoloran-tena hanaja ny fandaharam-potoana sy ny fenitra manan-kery. Hisy ny fanombanana vonjimaika hatao ao anatin'ny volana ho avy mba hiantohana ny fanaraha-maso sy ny fahombiazan'ny tetikasa ankehitriny.



# PRÉSENTATION OFFICIELLE DE LA CIRCULAIRE D'EXECUTION BUDGETAIRE 2025 (CEB)

La « Circulaire d'Exécution Budgétaire » (CEB) pour l'année 2025 est présentée officiellement à l'Immeuble Plan à Anosy le 29 Janvier 2025. La CEB est un outil crucial pour l'efficacité de la gestion publique. Elle offre des lignes directrices claires sur la mise en œuvre du budget et la réalisation des objectifs du Gouvernement, tout en insistant sur la nécessité d'efforts soutenus pour garantir le succès des projets d'investissements publics. Ce document essentiel annonce les réformes qui seront mises en place et constituent un cadre stratégique pour les acteurs de la gestion des investissements publics.

La présentation s'est déroulée en deux phases. La première, destinée aux Institutions, Ministères et autres acteurs budgétaires concernés. La seconde a été prévue pour les Établissements Publics Nationaux (EPN). En effet, ces sessions sont essentielles, car elles permettent aux participants de poser leurs questions, d'éclaircir toute ambiguïté et de se préparer à appliquer les directives de manière optimale.

L'objectif de cette initiative est simple : « un investissement public clair, fluide et suivant le cadre légal », garantissant ainsi une meilleure gestion des fonds publics au service du développement du pays.






Natolotra tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Immeuble Plan Anosy ny « Circulaire d'Exécution Budgétaire » (CEB) ho an'ny taona 2025, ny 29 janoary 2025 lasa teo. Fitaovana tena ilaina amin'ny fahombiazan'ny fitantanan-draharaham-panjakana ny CEB. Manome toromarika mazava momba ny fampiharana ny tetibola sy ny fanatontosana ny tanjon'ny Governemanta izy io, ary manamafy ny ilana ny ezaka maharitra hiantohana ny fahombiazan'ny tetikasa fampiasam-bolam-panjakana. Ity fitaovana ofisialy manan-danja ity dia maneho ireo fanavaozana izay hapetraka ary maneho rafitra stratejika ho an'ireo mpisehatra eo amin'ny fitantanana ny fampiasam-bolam-panjakana.

Nizara roa ny famelabelarana. Ny voalohany, natao ho an'ireo Andrim-panjakana, Minisitera ary ireo mpandray anjara misehatra ao anatin'ny fitantanam-bolam-panjakana. Ny faharoa dia natokana ho an'ny Établissements Publics Nationaux (EPN). Tena ilaina tokoa ireo fivoriana ireo, satria mamela ny rehetra hametraka fanontaniana sy hitondrana fanazavana ary hiomanana amin'ny fampihatra tsara ny torolalana.

Tsotra ny tanjon'ity hetsika ity: "fampiasam-bolam-panjakana mazava sy malaky ara-dalàna", ka miantoka ny fitantanana tsara kokoa ny volam-panjakana ho fampandrosoana ny firenena.



# Digitalisation

## LANCEMENT OFFICIEL DU PORTAIL ECONOMIQUE ET SOCIAL DE MADAGASCAR (PortES)




*Antananarivo, le 04 Février 2025*

Le Ministère de l'Économie et des Finances a lancé officiellement le site web intitulé « Portail Economique et Social de Madagascar » ou (PortES), en partenariat avec le PNUD. Cet outil innovant centralise les données économiques et sociales à jour et vise à renforcer la transparence, la redevabilité et la Bonne Gouvernance à Madagascar. Il est destiné aux décideurs, investisseurs, chercheurs, étudiants, à la société civile, etc. Il permet un accès simplifié et fiable aux informations économiques et sociales, contribuant ainsi à une meilleure prise de décision pour les Dirigeants.

*Antananarivo, 4 Februbary 2025*

Nosokafan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanambola tamin'ny fomba ofisialy ny tranonkala antsoina hoe Portail Economique et Social de Madagascar (PorTES), izay niarahana niasa tamin'ny PNUD. Ity fitaovana vaovao ity dia manangona ny antontan'isa sy antontan-kevitra ara-toekarena sy sosialy manaraka ny toetrandro, ary mikendry ny hanamafisana ny mangarahara, ny tamberin'andraikitra ary ny Fanjakana tsara tantana eto Madagasikara. Natao ho an'ny mpanapa-kevitra, mpampiasa vola, mpikaroka, mpianatra, fiarahamonim-pirenena, sns. Izy io dia mamela ny fidirana mora sy azo itokisana amin'ny fampahalalana ara-toekarena sy sosialy, ka manampy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tsara kokoa ho an'ny mpitantana.

# Direction Générale des Impôts

## Notre site web fait peau neuve !

La Direction Générale des Impôts accueille ses usagers sur son nouveau site, plus moderne et accessible, pour mieux les accompagner dans leurs démarches fiscales.




*DGI, une "administration innovante, transparente et pilier de l'émergence".*

# Lutte contre la corruption

## PRESENTATION OFFICIELLE DE LA STRATEGIE NATIONALE DE LUTTE CONTRE LA CORRUPTION (SNLCC) 2025-2030




*Antananarivo, le 31 Janvier 2025*

La Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption (SNLCC) 2025-2030 a été officiellement présentée en présence du Premier Ministre, Christian NTSAY, et de plusieurs membres du Gouvernement, dont la Ministre de l'Économie et des Finances, Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON. Ce plan stratégique, qui constitue un axe essentiel de la Politique Générale de l'État, vise à renforcer l'intégrité et la transparence au sein de l'Administration Publique en mettant l'accent sur la responsabilisation des acteurs et l'amélioration des procédures.

La SNLCC repose sur trois objectifs stratégiques majeurs :
1. Élimination de la corruption, en instaurant une gestion plus responsable et transparente du secteur public.
2. Renforcement des procédures et de la planification, en améliorant la transparence des démarches administratives et en mettant en place des incitations à la lutte contre la corruption.
3. Instauration d'une culture de l'intégrité, en promouvant des normes éthiques solides grâce à des actions d'éducation et de sensibilisation continue.

Le Ministère de l'Économie et des Finances s'engage particulièrement dans cette lutte en digitalisant l'ensemble de ses services afin de limiter les risques de corruption et d'assurer la transparence des transactions financières.

## FANOLORANA TAMIN'NY FOMBA OFISIALY NY PAIKADY NASIONALY MIADY AMIN'NY KOLIKOLY (SNLCC) 2025-2030

*Antananarivo, 31 Janoary 2025*

Natolotra tamin'ny fomba ofisialy ny paikady nasionaly miady amin'ny kolikoly (SNLCC) 2025-2030 izay natrehan'ny Praiminisitra Christian NTSAY sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta maromaro, anisan'izany ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo. Ity drafitra stratejika ity, izay fototry ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, dia mikendry ny hanamafy ny fahamendrehana sy ny mangarahara eo anivon'ny fitantanan-draharaham-panjakana, amin'ny alàlan'ny fanamafisana ny fanomezan-danja ny andraikitr'ireo mpisehatra sy ho fanatsaràna ny fomba fiasa.

Ny SLCCC dia mifototra amin'ny tanjona stratejika telo lehibe:

1. Fanafoanana ny kolikoly, amin'ny fametrahana ny fitondrana tsara tantana sy mangarahara eo anivon'ny seham-panjakana.
2. Fanamafisana ny fomba fiasa sy ny drafitra, amin'ny fanatsaràna ny mangarahara eo amin'ireo dingana maro amin'ny fitantanan-draharaha sy ny fandrisihana hiadiana amin'ny kolikoly.
3. Fametrahana ny kolontsain'ny marina, miompana amin'ny fampiroboroboana ny fenitra matanjaka amin'ny alalan'ny fanabeazana sy ny hetsika fanentanana samihafa.

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia manolotena manokana amin'ity ady ity amin'ny alàlan'ny fanavaozana ny asa ho nomerika, mba hamerana ny mety hisian'ny kolikoly sy hiantohana ny mangarahara amin'ny fifanakalozana ara-bola.




# FMI : Mission d'assistance technique sur le diagnostic de la Gouvernance et de la Lutte Contre la Corruption dans la Grande-île

Du 22 janvier au 03 février 2025, une délégation du FMI composée de missionnaires des départements des Finances Publiques et Juridiques a effectué une mission d'assistance technique centrale sur l'analyse de la gouvernance et de la lutte contre la corruption à Madagascar. L'objectif est de diagnostiquer la situation actuelle et de formuler des recommandations pratiques adaptées aux réalités du pays.

Cette collaboration s'inscrit dans le cadre de la Politique Générale de l'État, avec une attention particulière sur l'amélioration de la gestion des ressources publiques. Le FMI a salué les efforts accomplis par Madagascar tout en soulignant la nécessité de renforcer les outils analytiques et la transparence des finances publiques. Un rapport final sera publié au deuxième semestre de cette année, avec des recommandations concrètes pour soutenir les réformes en cours et améliorer la gouvernance et le développement économique du pays.



## Tahirim-bola Iraisam-Pirenena : Iraka manokana ho fanampiana ara-teknika mahakasika ny Fanjakana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly eto amin'ny Firenena

Nanomboka ny 22 janoary ka hatramin'ny 3 febroary 2025, dia nanatanteraka iraka ho fanampiana ara-teknika momba ny famakafakana ny Fanjakana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara ny delegasiona avy amin'ny FMI, izay ahitana misionera avy amin'ny sampana fitantanam-bolam-panjakana sy lalàna. Ny tanjona dia ny hamantatra ny zava-misy ankehitriny sy hamolavola tolo-kevitra azo ampiharina mifanaraka amin'ny zava-misy sy mety eto amin'ny firenena.

Tafiditra ao anatin'ny Politika ankapoben'ny Fanjakana ity fiarahamiasa ity, ka miompana manokana amin'ny fanatsaràna ny fitantanana ny fidiram-bolam-panjakana. Noderain'ny FMI ny ezaka vitan'i Madagasikara ary notsindriany ny tokony hanamafisana ny fitaovana famakafakana sy ny fangaraharan'ny volam-panjakana. Hisy tatitra farany hivoaka amin'ny tapany faharoa amin'ity taona ity, miaraka amin'ny tolo-kevitra mivaingana hanohanana ny fanavaozana mitohy sy hanatsarana ny fitantanana ny firenena sy ny fampandrosoana ara-toekarena.

# JID 2025

# CELEBRATION DE LA JOURNEE INTERNATIONALE DE LA DOUANE : MISE EN PLACE DU PLAN STRATEGIQUE 2025-2029

*Antananarivo, le 24 Janvier 2025*

Lors de la célébration de la Journée Internationale de la Douane, le Ministère a lancé officiellement le Plan stratégique douanier 2025-2029. Ce plan met l'accent sur (i) la facilitation du commerce international pour un environnement d'affaires plus ouvert et dynamique ; (ii) le renforcement du contrôle de la douane pour une sécurité accrue ; et (iii) l'innovation technologique pour rendre les services encore plus efficaces et modernes.

**Cinq ans après la réforme stratégique douanière :**

- 80.82% des objectifs fixés ont été atteints.
- Les déclarations douanières sont désormais vérifiées en moins de 3 heures – une vitesse impressionnante qui booste l'efficacité.
- Le chiffre d'affaires de la Douane a progressé de 14% par an, un signe clair de croissance et de dynamisme.
- L'utilisation de compétences en calcul systématique a permis de rendre les processus plus fluides et plus performants.

**Des héros à l'honneur**

19 agents des douanes, accompagnés d'un fidèle agent canin ont été récompensés pour leur travail exceptionnel : ils ont déjoué des tentatives d'exportations illicites de lingots d'or et de tortues à l'aéroport international d'Ivato.



## FANKALAZANA NY ANDRO IRAISAM-PIRENENA HO AN'NY FADINTSERANANA: FAMPANDROSOANA NY DRAFITR'ASA STRATEJIKA 2025-2029

*Antananarivo, 24 Janoary 2025*

Tamin'ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny Fadintseranana, dia nampafantarin'ny Minisitera tamin'ny fomba ofisialy ny ny drafitra ahitana ireo paikadin'ny Fadintseranana 2025-2029. Ity drafitra ity dia mifantoka amin'ny (i) fanamorana ny varotra iraisam-pirenena ho an'ny tontolon'ny fandraharahana misokatra sy mavitrika kokoa; (ii) fanamafisana ny fanaraha-maso ny Fadintseranana mba hampitomboana ny filaminana; ary (iii) fanavaozana ara-teknolojia mba hahatonga ny tolotra ho mahomby sy manaraka ny toetrandro kokoa.

***Dimy taona taorian'ny fanavaozana stratejika momba ny Fadintseranana:***

- 80,82% ny tanjona napetraka dia tratra.
- Voamarina ao anatin'ny adiny 3 latsaka izao ny fanambaran'ny fadintseranana – hafainganam-pandeha manaitra izay mampitombo ny fahombiazany.
- Nitombo 14% isan-taona ny tahan'ny fadintseranana, mariky ny fitomboana sy ny fahavitrihana.
- Ny fampiasana ny fahaiza-manao kajy rafitra dia nahatonga ny dingana ho malama sy mahomby kokoa.

***Fankasitrahana ireo Mahery fo***

Mpiasan'ny fadintseranana miisa 19, niaraka tamin'ny "agent canin" iray, no nahazo fankasitrahana noho ny asa niavaka nataon'izy ireo: nandrava ny fikasana hanondrana tamin'ny fomba tsy ara-dalàna ireo volamena sy sokatra teny amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato.